

ANTSIRABE, 11 SEPTAMBRA 2021

Hetsika lehibe no hataon'ny RMDM ny sabotsy izao

Vita ny hamehana arapahasalamana, izay fanapahankevitra ankehahana ihany, satria ny andron'ny 03 Septambra 2021 nandraisana ny fepetra dia mbola nisy maty teto Analamanga, ary vao namoizana aina fito ny Pesta tany amin'ny Kaomina Miandrindra, Distrikan'Arivonimamo, faritra Itasy kanefa efa izay fanafoanana ny hamehana izay no nataon'ny fitondrana, noho izany dia vonona hiatrika izay havoakany eo isika olompirenena.

Ny fanafoanana ny hamehana ara-pahasalamana dia midika hoe malalaka izany ny famoriambahoaka ankalamanjana, inona indray no tadiavina mihoatra an'izany, satria efa fotoanany izao hanetsehana ny any ifotony, fefa tafahoatra loatra ny fanaparampahefana ataon'ny fitondrana ankehitriny, mahatsiaro manana adidy ny RMDM, satria izany mihitsy no andrasana amin'ny mpanohitra.

Antsirabe Renivohitr'i Vakinankaratra indray no Am-

bohipihaonana ny Sabotsy 11 Septambra 2021 izao, Antsirabe izay diso fantatra fa nisedra fahasahiranana nanomboka ny taona 2009, Antsirabe rahateo tanàna nijoro hatrany tamin'ny fiarovana ny ara-dalàna, tsy mahagaga raha manana Depiote Tim roa Antsirabe. Hetsika lehibe no hiseho ao an-drenivohitr'i Vakinankaratra ny sabotsy izao io, araka ny efa nambaran'ny Tanora RMDM ny faran'ny herinandro teo, ary namafisin'ny mpitarika ao anivon'ity vovonan'ny mpanohitra ity. Tsy halavaina intsony ny resaka, satria efa ela no nian-drasan'i Vakinankaratra io fihaonana io. Mazava ho azy fa raha vao RMDM no resahina dia ao anatiny ny Antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ilay antoko goavana indrindra eto amin'ny firenena, noho izany dia ho tonga mavitrika avokoa ireo mpikambana Tim sy ireo zanak'i Dada tsy ankanavaka, arak'ilay hira hoe "Sabotsy mifankahita" izany any Antsirabe.

Ny Valosoa

TIM Ambohimangakely

Mivonona ho amin'ny fakana fitondrana koa

Nanatanteraka hetsika fameloma-maso sy fanetsehana ary fanabeazamboho ny antoko, ireo mpitarika sy mpikatroka Tiako i Madagasikara (TIM), ao amin'ny kaominina Ambohimangakely distrikan'Antananarivo Avaradrano ny faran'ny herinandro teo. Tonga tao avokoa ireo mpikatroka teo aloha efa nampaindriana, ireo mafanafo amin'izao fotoana ary ireo vaovao vonona hanatevina ny antoko najoron'ny filoha Marc Ravalamananana. Nisongadina



Ny hetsiky ny TIM Ambohimangakely, ny sabotsy teo, teny amin'ny By-pass.

nandritra izany, fa mio-mana ho amin'ny fakana fahefana amin'ny fomba

demokratika araka ny tanjona apetraky ny mpitarika ny antoko amin'izao

fotoana ny any Ambohimangakely. Nitarika ny fotoana tamin'izany ny filohan'ny filan-kevity ny kaominina Ambohimangakely Christian Andrianjafy, nanome voninahitra ny fotona ny depiote voafidy tao Avaradrano Gerry Randriambolaina. Mbola nankatoavin'ny rehetra tamin'izao hetsika izao, fa i Hajaso Pascal Razanakoto, no filohan'ny COM-TIM ao amin'ity kaominina ity.

Niaina

Politika sy diplomasia

Toa sakaizan'ny resy ny filoha Rajoelina

Naongan'ny miaramila ny filoha gineana Alpha Condé, Lietna kolonely Mamady Doumboya no nahavita ny raharaha, marihana fa namoaka fanambarana ity tompon'andraikitra tamin'ny fanongonana, ka ny antony nahatonga azy nandray andraikitra dia ny fahatsapanana, fa tsy nandeha araka ny tokony ho izy ny fitantanana ny raharahampirenena, satria dia tafahoatra loatra ny fanaparampahefana nataon'ny Filoha Alpha Condé toy ny fampiasana ny fitsarana ho fitaovana

hiaro ny tombontsoan'ny mpitondra, gaboraraka tanteraka ihany koa ny fitantanana ny volampanjakana, sy ireo harempirenena, satria manao izay danin'ny kibony ny mpitondra, ny vahoaka anefa etsy ankilany miaina ao anatin'ny fahasahiranana tanteraka. Diso fantatr'izao tontolo izao ny hagaigen'ity mpitondra Gineana naongana ity, koa tsy nahagaga raha tsy dia nandrenesampeo loatra ireo filoha afrikana nanameloka io fanonganampanjakana io. Raha ny fane-

hoankevitra mifamoivovy eny amin'ny sehatra iraisampirenena dia maro ireo mankasitraka ny fahasahiana nananan'ilay Lietna Kolonely nahavita ny fandrodanana satria olona akaiky ny filoha ihany izy. Inona tokoa moa ny miaramila indrindra fa ny manamboninahita, fa natao hijoro « Ho an'ny Tanindrazana » sy «Hiaro ny vahoaka sy ny fananany », ka raha nanana ny fahasahiana ity Lietna Kolonely ity dia midika izany, fa nanaja ny fiania-

nana nataony teo ambanin'ny fanevampirenena izy. Mahakasika iny raharaha nitranga tany Ginea iny dia nanaitra ny fahitana ireo sary tahiry nampiseho ny sarin'ny filohantsika miray latabatra amin'ny filoha frantsay teo aloha Nicolas Sarkozy, sy ity filoha gineana vao niongana Alpha Condé ity, satria lasa ihany ny saina aman'eritrerit'ireo izay nahita ilay sary ary samy vaky vava niteny hoe toa sakaizan'ny resy ity filohantsika Malagasy ity.

Ny Valosoa

Fanaovan-gazety

Maro ireo mpanao gazety nanao veloma farany an'i Dany Be

Maro ireo mpanao gazety nanao veloma farany an'i Dany Be, zokiolona mpanao gazety mpaka sary, nindaosin'ny fahafatesana ny herinandro lasa teo, ary nalevina ny alahady teo. Tsara levenana ny maty raha ny ray aman-dreny Dany Be mpanao gazety mpaka sary no asian-teny fohy eto. Ny alahady tolakan-dro teo no nanaterana azy teny amin'ny fasan-drazany teny Ambohimanga Rova, Antananarivo Avaradrano, izay

nanehoan'ny maro ny adidy sy andraikitra fanao amin'ny olona tsy hay adinoina toy izao, ka nahafahan'ny rehetra nahafantatra ny asa aman-pa-naon'i Dany Be fony fahavelony maneran-tany mihitsy, raha ny tantara nataon'ny mpanao gazety malaza Latimer Ranger izany. Ity farany dia latsadranomaso mihitsy nanao izany tao amin'ny Fjkm Amboara Ambohimanga, raha naneho fa hain'i Dany Be mihitsy ny nampita vaovao tamin'ny ala-

lan'ny sary, izay toe-draharaha nisy sy natrehiny na an-kafaliana na an-kasaratana toy ny tamin'ny taona 72, 75, 1991, sns... Nefa tsy adino koa ireo tranga samihafa tany ivelany izay nampalaza an'i Dany Be. Teny amin'ny fasanana dia ny filohan'ny OJM teo aloha, James Ramarosaona no nanohy fohy ny tantaran'ny maty, ka nanehoany fa fampahalalam-baovao an-tsary sy am-bava no nataon'i Dany Be, ka tsy adino ny fahaizany nampita izany,

ny herintsaina nananany sy nomeny ireo zandry mpanao gazety rehefa manatona azy teny amin'ny Cite Ambatonakanga, ohatra. Ny fianakavian'ny maty dia nankasitraka ireo mpanao gazety nanao ny adidiny tamin'izao andro manjombona izao ary nidera hatrany ny asa serasera rehetra tsy ankanavaka, mba ho tantara hipetraka ho an'ny firenena sy ho lazan'ireo nodimandry.

Beharo

Ny Valosoa sy fakafaka

Fitrandrahana harena ankibon'ny tany Tsy miaina malalaka sy aradrarin'ny Malagasy

Tena tsy mahafehy ny fitantanana ny toekarena ve sa minia mikimpy, ka manao ho tari-drano ankilahila izany, izao fitondrana Rajoelina izao? Mampieritritra lalina ny zava-misy any amin'ny faritra Alaotra iny amin'ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany. Manana otrikarena be amin'izay harena ankibon'ny tany izay iny faritra iny, raha ny vaovao re avy amin'ny olom-pirenena zanaky ny faritra. Miha-mitombo ireo toerana ahitana vato sarobidy any antoerana. Miha-mitombo araka izany ihany koa ireo mpitrandraka sy ireo mpisehatra samihafa mifandraika amin'izany. Anisan'ny liana amin'izany ihany koa, mazava loatra, ireo mpandrahara ara-barotra vahiny ary tena mampiasa volabe sy mahazo tombony be lavitra izy ao anatin'izany. Izany hoe, raha araka ny fanazavana samihafa, dia irohotana sy ifangaroan'olo-marobe samihafa iny faritra iny. Iza no mahazo tombontsoa amin'izao harena ankibon'ny tany malagasy izao? Tsy tokony hiadian-kevitra, fa ny Malagasy tompontany no hisitraka izany voalohany indrindra, sy iny faritra na toerana isian'izany. Izay ve anefa no misy any an-toerana? Miara-mahalala ny maro, fa tsy izay. Satria tokony hisy fiantraikany be eo amin'ny fiainan'ilay mponina any an-toerana, sy ilay faritra io harena ankibon'ny tany ao aminy io. Tokony ho lohalaharana eto amin'ny firenena mihitsy amin'ny fahatsaram-piainana sy amin'ny fahatsaran'ny tanàna sy ny lalana ny any. Re amin'ireo olona mpampita vaovao, fa vola tsy toko tsy forohana no kirakiraina avy amin'ny vokatra azo. Volabe amina miliara maro dia maro no mihodina. Mankany amin'iza ny ampahany be amin'izany tombontsoa lehibe izany, fa toa tsy hita soritra mivaingana ho an'ireo ambara ho tokony hisitraka voalohany izany? Tsy lavina, ary re fa misy ihany amin'ireo teratany Malagasy mpitrandraka no mahita tombontsoa be tokoa amin'izany, saingy vitsy ihany ireo raha miohatra amin'ireo mpitrandraka maro. Ny tanàna rahateo tsy hita izay fivoarany mazava mankamin'ny fandrosoana. Manaitra ny sain'ny mpanara-baovao, raha araka ny fitantarana ihany, ny fisiana mpitandro filaminana eny ampototry ny toeram-pitrandrahana. Amin'ny lafiny iray, araka ny anarany dia hitandro filaminana tokoa ireo, kanefa ny tsikaritry ny mpitrandraka sy ireo mpandrahara Malagasy madinika, dia manome olana lehibe ho azy ny fisian'ireo. Misy ny fanamparam-pahefana ataon'ireo momba ny vokatra azo. Tsy maintsy ifampizarana izany, hoy ny fitarain'izy ireo, ary izay omeny eo, izay matetika tsy mifanaraka amin'ilay sandan'ny vato sarobidy voatrindraka. Nisy mihitsy aza, ny noenjehina raha tsy nanaiky ifampizara, raha ny voalaza ihany. Iza anefa no maniraka ireo mpitandro filaminana ireo, hoy ny fanontanian'ny mpitrandraka? Dia afaka ny samy maminavina izay ny rehetra. Ampahany amin'ny filazana ny zava-misy any antoerana izany. Tsy misitraka mazava sy aradrarin'ny harena ankibon'ny tany misy ao aminy ny mpoina, ny Malagasy, fa olom-bitsy no mitavana azy sy mangorona ny harena. Sarotra ny hino, fa tsy mahalala izany ny fanjakana na fitondrana. Fantany ny zava-misy any ary tsy isalasalana fa amin'ny antsipiriany. Santionany amin'ny toerana ihany io, fa mitranga any amin'ny toeran-kafa ihany koa izany. Dia mijanona amin'izany toe-javatra ihany ny raharaha. Fanambakana, tsy fanajana ny fahamarinana, tsy fanajana ny rariny sy hitsiny no manjaka.

Sôh'son



Ny fotoam-pivavahana fanaovan-beloma farany an'i Dany Be, tao amin'ny FJKM Amboara Ambohimanga.